# Le pouvoir du service individualisé

Par Peter M. Johnson
*des soixante-dix*

# Ny hery entin'ny fanompoana ny tsirairay

Nataon'ny Loholona Peter M. Johnson
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Lorsque nous servons une personne à la fois, nous invitons chaque personne à venir au Christ et à servir dans la maison du Seigneur.*

Frères et sœurs, merci pour votre fidélité et votre dévouement envers Jésus-Christ en ces temps difficiles. Vous êtes merveilleux, vous êtes magnifiques. Chacun d'entre vous est un enfant de Dieu. Je prie pour que nous reconnaissions l'influence du Saint-Esprit en devenant de véritables disciples dévoués de Jésus-Christ et en nous aidant les uns les autres dans cet effort, et pour que nous ressentions sa joie lorsque nous servons dans la maison du Seigneur.

Le président Nelson a déclaré : « C'est maintenant le moment pour vous et moi de nous préparer à la seconde venue de notre Seigneur et Sauveur, Jésus-Christ. C'est maintenant le moment de faire de notre vie de disciple notre priorité. Dans un monde rempli de distractions étourdissantes, comment pouvons-nous y arriver ? »

Il nous donne la réponse à cette question : « Adorer régulièrement dans le temple nous aidera. Dans la maison du Seigneur, nous nous concentrons sur Jésus-Christ. […] Nous apprenons à le connaître. […]Chaque personne qui cherche sincèrement Jésus-Christ le trouvera dans le temple. »

Alors, comment devenir des disciples dévoués de Jésus-Christ et comment s'aider mutuellement à le devenir ? Nous servons une personne à la fois. Servir à la manière du Sauveur implique de faire preuve de compassion, de bonté, de patience et d'amour sans jugement.

*Rehefa manompo ny tsirairay isika, dia manasa ny tsirairay hanatona an'i Kristy sy hitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo.*

Ranabavy sy rahalahy, misaotra anareo noho ny fanoloran-tena feno fahatokiana anananareo amin'ny fanatonana an'i Jesoa Kristy amin'izao fotoan-tsarotra izao. Mahatalanjona ianareo, mahafinaritra, ary zanak' Andriamanitra ianareo tsirairay avy. Ny vavaka ataoko dia ny mba hahafantarantsika ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa tonga sy manampy ny hafa mba ho tonga mpianatr'i Jesoa Kristy feno fanoloran-tena marina, ary mahatsapa ny fifaliana avy Aminy rehefa mitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo isika.

Nanambara ny Filoha Russell M. Nelson fa: "Izao no fotoana ho anao sy ho ahy mba hiomanana amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Tompo sy Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. Izao no fotoana tokony hanaovantsika ho laharam-pahamehana ambony indrindra ny maha-mpianatry ny Tompo antsika. Ahoana no ahafahantsika manao izany ato anatina tontolo feno zava-mahavariana mahafanina?"

Nanome ny valiny izy fa: "Hanampy antsika ny fitsaohana tsy tapaka ao amin'ny tempoly. Mifantoka amin'i Jesoa Kristy isika ao amin'ny tranon'ny Tompo. … Lasa mahafantatra Azy isika. …Hahita Azy ao amin'ny tempoly izay rehetra mikatsaka marina an'i Jesoa Kristy".

Koa ahoana no hatao mba hahatonga antsika, sy hifanampiantsika ho tonga mpianatr'i Jesoa Kristy feno fanoloran-tena? Manompo ny tsirairay. Mitaky fangorahana, hatsaram-panahy, faharetana ary fitiavana tsy mitsara ny fanompoana araka ny fomban'ny Mpamonjy. Rehefa

Lorsque nous servons une personne à la fois, nousinvitonsla personne à venir au Christ et à servir dans la maison du Seigneur pour recevoir son pouvoir rédempteur. En d'autres termes, lorsque nous servons une personne à la fois, demanièreà la conduire à la maison du Seigneur, nous nous aidons mutuellement à devenir des disciples dévoués.

Jésus-Christ nous enseigne le pouvoir que l'on obtient en servant chaque personne individuellement avec amour et sans jugement. Souvenez-vous de la Samaritaine au puits. Cette femme devait se sentir insignifiante, seule, découragée et non reconnue. Peut-être a-t-elle même eu l'impression de ne pas être à sa place. Au cours de sa vie, elle avait eu cinq maris, et l'homme avec qui elle vivait n'était pas son mari. D'autres avaient peut-être porté un jugement injuste sans connaître sa situation personnelle. C'était peut-être l'une des raisons pour lesquelles elle était venue au puits seule, au moment le plus chaud de la journée. Et pourtant, elle a été l'une des premières à qui Jésus-Christ a déclaré qu'il était le Messie. Pour lui, cette femme était une fille de Dieu.

Jésus-Christ a enseigné à cette femme que, grâce à lui, une personne peut recevoir la vie éternelle en buvant à la source d'eauvive. Il a déclaré : « Celui qui boira de l'eau que je lui donnerai n'aura jamais soif, et l'eau que je lui donnerai deviendra en lui une source d'eau qui jaillira jusque dans la vie éternelle. »

La femme de Samarie a ressenti l'amour du Sauveur et a reçu un témoignage qu'il est le Messie par l'intermédiaire de l'Esprit. Après avoir reçu ce témoignage, elle est retournée en ville et a invité les gens à venir et à voir. Beaucoup ont cru que Jésus était « vraiment le Sauveur du monde». Le Christ a servi chaque personne individuellement ; de ce fait, d'autres personnes sont devenues ses disciples dévoués.

Pierre et Jean, les apôtres du Christ, nous parlent du pouvoir que l'on obtient en servant avec compassion une personne à la fois. Souvenez-vous de cet homme, boiteux de naissance, qu'on plaçait tous les jours à la porte du temple pour qu'il demande l'aumône. Cet homme devait se sentir insignifiant, seul, découragé et non re-

manompo ny tsirairay isika, diamanasany tsirairay hanatona an'i Kristy sy hitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo mba hahazoana ilay Heriny manavotra. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia mifanampy isika ho tonga mpianatr'i Jesoa Kristy feno fanoloran-tena rehefa manompo ny tsirairay, araka nyfombaizay mitarika azy mba hiditra ny tranon'ny Tompo.

Ianarantsika avy amin'i Jesoa Kristy ny hery entina manompo ny tsirairay am-pitiavana sy tsy misy fitsaratsarana. Tadidio ilay vehivavy Samaritana teo am-pantsakana.Mety ho nahatsapa tena ho tsinontsinona, irery, kivy ary tsy raharahiana ilay vehivavy. Mety nahatsapa tena ho tsy nanana anjara toerana izy. Nanam-bady lehilahy dimy izy nandritra ny androm-piainany, ary tsy vadiny akory ilay lehilahy niarahany nipetraka tamin'izany. Mety ho nitsaratsara azy tamin'ny fomba tsy rariny ny hafa, nefa tsy nahafantratra marina akory ny tena zava-nitranga teo amin'ny fiainany. Izany no mety ho antony nandehanany irery teo am-pantsakana tamin'iny ora mafana indrindra tao anatin'ny andro iny.Nefa dia isan'ireo olona voalohany nanambaran'i Jesoa Kristy ny maha Mesia Azy izy. Taminy dia zanakavavin' Andriamanitra io vehivavy io.

Nampianatra io vehivavy io i Jesoa Kristy fa amin'ny alalany dia afaka hahazo ny fiainana mandrakizay ny olona iray rehefa misotro amin'ilay ranovelona. Hoy Izy: "Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko … dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay".

Nahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy ilay vehivavy Samaritana, ary nahazo fijoroana vavolombelona avy tamin'ny Fanahy fa Izy no ilay Mesia. Niverina tany an-tanàna izy taorian'ny nandraisany izany vavolombelona izany ka nanasa ny hafa mba ho tonga ka hizaha, ary betsaka no nino fa i Jesoa "tokoa no ilay Kristy, ilay Mpamonjy izao tontolo izao".Nanompo ny tsirairay tamim-pitiavana i Kristy; vokatr'izany dia olon-kafa maro no tonga mpianany feno fanoloran-tena.

Ianarantsika avy amin'ny Apostolin'i Kristy Petera sy Jaona ny hery entin'ny fanompoana ny tsirairay amim-pangorahana. Tadidinao va ilay lehilahy, nalemy tongotra avy any an-kibon-dreniny, nipetraka isan'andro teo amin'ny vavahadin'ny tempoly mba hangata-bola?Mety ho nahatsapa tena ho tsinontsinona io lehilahy

connu. Peut-être a-t-il même eu l'impression de ne pas être à sa place.

« Alors Pierre lui dit : Je n'ai ni argent, ni or ; mais ce que j'ai, je te le donne : au nom de Jésus-Christ de Nazareth, lève-toi et marche. »

Pierre a pris l'homme par la main droite et l'a aidé à se lever, et l'homme a été guéri. Immédiatement après le miracle, l'homme est entré dans le templeavecPierre et Jean, « marchant, sautant et louant Dieu». Pierre et Jean ont servi cet homme de façon à le conduire à la maison du Seigneur. Ce dernier est ensuite devenu un disciple dévoué du Christ.

Mes amis, il y a eu des moments dans ma vie où je me suis également senti insignifiant, seul, découragé et non reconnu. J'ai eu l'impression de ne pas être à ma place. J'ai été baptisé et confirmé membre de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours à l'âge de dix-neuf ans. Un an plus tard, j'ai accepté l'appel à servir en tant que missionnaire à plein temps, mais il y avait encore beaucoup de choses que je ne connaissais pas sur l'histoire de l'Église.

Au début de mon service missionnaire, j'ai appris qu'il y avait eu une période durant laquelle les hommes d'origine noire africaine n'étaient pas autorisés à recevoirtoutesles bénédictions découlant du culte dans la maison du Seigneur. Cette découverte a suscité en moi des sentiments de colère, de confusion, de doute et de peur. Ces sentiments étaient si intenses que j'ai perdu, pour un temps, ma capacité de reconnaître le Saint-Esprit.

Heureusement, j'avais un collègue missionnaire merveilleux, Kevin Vick, qui m'a servi avec amour, patience et gentillesse. Chaque soir, alors qu'il était témoin de mes sentiments de doute et d'incertitude, il disait simplement au jeune elder Johnson que j'étais : « Je vous aime. » Environ deux semaines plus tard, je me suis autorisée à ressentir l'amour de Kevin. J'ai eu le courage de prier notre Père céleste au nom de Jésus-Christ. Alors que je priais, j'ai été guidé vers la section 6 des Doctrine et Alliances, auxversets 21 à 23, où il est dit :

io, irery, kivy ary tsy noraharahiana. Mety ho nahatsapa ho tsy nanana anjara toerana.

"Fa hoy Petera: Tsy manana volafotsy na volamena aho, fa izay ananako no omeko anao: Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy avy any Nazareta, mitsangantsangàna".

Ary noraisin'i Petera tamin'ny tanany ankavanana ralehilahy ka natsangany, dia natanjaka niaraka tamin'izay.Taorian'ny nisehoan'ilay fahagagana indrindra, dianiara-niditra tamin'i Petera sy Jaona ho eo an-kianjan'ny tempoly izy, "nitsangantsangana sy niantsambotsambotra sady nidera an' Andriamanitra".I Petera sy Jaona dia nanompo ilay iray tamin'ny fomba izay nitarika mba hiditra ny tranon'ny Tompo, ary tonga mpianatr'i Kristy feno fanoloran-tena ilay lehilahy.

Ry namako, nisy fotoana ihany koa teo amin'ny fiainako izay nahatsapako tena ho tsinontsinona, irery, kivy ary tsy noraharahiana. Nahatsapa tena ho tsy nanana anjara toerana aho. 19 taona aho no vita batisa sy noraisina ho mpikambana tato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Herintaona taorian'izay, dia nanaiky ny fiantsoana ho misiônera hanompo amin'ny fotoana feno aho, nefa mbola maro be ireo zavatra tsy fantatro mikasika ny tantaran'ny Fiangonana.

Vao nanomboka tsy ela ny asa fanompoako, dia nianatra aho fa nisy fotoana ny taranaky ny afrikanina mainty no tsy navela hianoka ireo fitahianarehetraentin'ny fitsaohana ao amin'ny tranon'ny Tompo.Nitondra fahatsapana fahatezerana, fikorontanan-tsaina, ahiahy ary tahotra ny fahafantarako izany tamin'ny voalohany. Tena nahery vaika tokoa ireo fahatsapana ireo ka nisy fotoana aza no very ny fahafahako mahatsapa ny Fanahy Masina.

Soa ihany fa nanana misiônera mpiara manompo tena nahafinaritra aho, Kevin Vick no anarany, izay nanompo ahy tam-pitiavana, tamim-paharetana ary tamim-pahalemem-panahy. Isan'alina, rehefa manatrika ny fahatsapako ahiahy sy ny tsy fahatakarako ny ampitsoko izy, dia nilaza tsotra fotsiny tamin'i Elder Johnson mbola tanora izy hoe: "Tiako ianao". Afaka roa herinandro teo ho eo dia nanao izay hahatsapako ny fitiavan'i Kevin aho. Nahazo herin-tsaina mba hivavaka amin'ny Ray any an-danitra amin'ny anaran i Jesoa Kristy aho. Teo am-panaovako tonom-bavaka, dia toa voasarika aho hamaky ny fizarana 6 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana,andininy 21–23, izay miteny

« Voici, je suis Jésus-Christ, le Fils de Dieu. […] Je suis la lumière qui brille dans les ténèbres […].

« Reporte-toi à la nuit où tu as crié vers moi dans ton cœur, afin de connaître la vérité de ces choses.

« N'ai-je pas apaisé ton esprit à ce sujet ? Quel témoignage plus grand peux-tu avoir que celui de Dieu? »

En lisant, je me suis souvenu. Je me suis souvenu du jour où j'avais jeûné et prié pour savoir si le Livre de Mormon est la parole de Dieu et si Joseph Smith est le prophète du Rétablissement. Je me suis souvenu des alliances que j'avais faites dans la maison du Seigneur, qui m'avaient lié à Jésus-Christ d'une manière très personnelle et intime. J'ai ressenti l'amour du Sauveur et sa miséricorde, et il m'a donné l'assurance que l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours est son royaume sur la terre et qu'elle est nécessaire pour nous préparer à sa seconde venue. Ces souvenirs m'ont aidé à reconnaître de nouveau le Saint-Esprit et à comprendre plus pleinement que Jésus est le Christ et que je suis son disciple.

Il nous arrivera parfois d'avoir des questions sans réponse et le sentiment d'être insignifiants, découragés, seuls et non reconnus. Cependant, mes amis, nous devons marcher résolument avec foi en Jésus-Christ et nous souvenir de ses paroles :

« Que votre cœur ne se trouble point. »

« Vous aurez des tribulations dans le monde ; mais prenez courage, j'ai vaincu le monde. »

Je suis témoin de cette réalité et de la bénédiction promise par le Sauveur.

Alors, que pouvons-nous faire pour nous assurer que notre façon de servir chaque personne individuellement, à la manière du Sauveur, soit la plus efficace possible ?Vivrela doctrine du Christ nous aidera. Comme l'a décrit le président Nelson : « Vivre la doctrine du Christ produit le cycle vertueux le plus puissant, créant un élan spirituel dans notre vie.

« Si nous nous efforçons de vivre les lois

hoe:

"Indro, izaho no Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra. … Izaho no Fahazavana izay mamirapiratra ao amin'ny haizina. …

"… Avereno ao an-tsainao ilay alina izay nitalahoanao Tamiko tao am-ponao, mba hahafantaranao ny momba ny fahamarinan'ireto zavatra ireto.

"Tsy nilaza fiadanana tamin'ny sainao va Aho momba izany? Inona no vavolombelona lehibe kokoa mety ho azonao mihoatra izay azonao avy amin' Andriamanitra?"

Rehefa namaky aho dia tsaroako. Tsaroako ilay andro izay nifadiako hanina sy nivavahako ny mba ahafantarako tokoa fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna ary koa, fa mpaminanin'ny famerenana amin'ny laoniny i Joseph Smith. Tsaroako ireo fanekempihavanana natao tao amin'ny tranon'ny Tompo izay nampifandray ahy tamin'i Jesoa Kristy, tamin'ny fomba tena manokana sy akaikin'ny fo tokoa. Nahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy aho, ny famindra-pony, ary ny fanomezany toky fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ny fanjakany ety an-tany, ka ilaina ny hiomanantsika amin'ny fiaviany fanindroany. Koa satria nahatsiaro aho, dia mora ho ahy indray ny nahatsapa ny Fanahy Masina sy nahatakatra bebe kokoa fa i Jesoa no Kristy, ary mpianany aho.

Misy fotoana tsy ho voavaly ny fanontaniantsika, ary hahatsapa tena ho toy ny tsinontsinona isika, kivy, irery, ary tsy raharahiana. Kanefa ry namako isany, tsy maintsy mibosesika mandroso am-pinoana ao amin'i Jesoa Kristy isika, sy mahatsiaro ilay Teniny hoe:

"Aza malahelo ny fonareo".

Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao".

Vavolombelona ny amin'izany fahamarinana izany aho sy ny amin'ireo fitahiana nampanantenain'ny Mpamonjy.

Inona ary no azontsika atao mba hahazoana antoka fa mandaitra ny fanompoantsika ny tsirairay avy amin'ny fomban'ny Tompo? Hanampy antsika nyfiainanany fotopampianaran'i Kristy."Ny fiainana ny fotopampianaran'i Kristy", araka ny nanazavan'i Filoha Nelson azy, dia "afaka mitondra famerimberenan-javatra tena mahery vaika mendrika indrindra, ka miteraka fahavitrihana ara-panahy eo amin'ny fiainantsika.

"Rehefa miezaka miaina ireo lalàna ambony

supérieures de Jésus-Christ, […] le Sauveur nousélèveau-dessus de l'attraction de ce monde déchu en nous accordant plus de charité, d'humilité, de générosité, de gentillesse, de discipline, de paix et derepos. »

Frère Renlund explique : « L'élan [spirituel] produit par le fait devivrela doctrine du Christ, n'alimente pas uniquement la transformation de notre nature divine en notre destinée éternelle, il nous incite également à aider autrui de manière appropriée. » Frère Renlund nous rappelle que « guérir [nous rendre saints] est la mission du Sauveur. La nôtre, c'est d'aimer. D'aimer et de servir de façon à ce que tous se rapprochent de Jésus-Christ».

Notre capacité àvivrela doctrine du Christ sera enrichie en étudiant le Livre de Mormon chaque jour et en prenant la Sainte-Cène chaque semaine. Le président Nelson a déclaré que le Livre de Mormon « enseigne la doctrine du Christ [et] offre la compréhension la plus complète et la plus [claire] de l'expiation de Jésus-Christ que l'on puisse trouver». J'aime ce livre. Prendre la Sainte-Cène chaque semaine dans un esprit de prière nous permettra d'approfondir notre compréhension de l'expiation de Jésus-Christ et apportera dans notre vie un renouveau spirituel, du réconfort et le pouvoir de la divinité. Souvenez-vous, « le pouvoir de la divinité se manifeste dans [les] ordonnances [de la prêtrise]», et ce pouvoir qui vient de Jésus-Christ renforce notre désir et notre capacité de servir chaque personne individuellement.

Mon étude du Livre de Mormon et le fait de prendre la Sainte-Cène atténuent les sentiments de découragement, renforcent ma détermination à servir chaque personne individuellement, à la manière du Sauveur, et m'aident à faire de ma vie de disciple une priorité absolue.

Mes amis, je vous promets que, si nousvivonsla doctrine du Christ et si nous servons chaque personne de manière à la conduire à la maison du Seigneur, nous marcherons résolument avec foi en Jésus-Christ, malgré les questions auxquelles nous n'avons pas de réponse et les moments où nous avons le sentiment d'être insigni-

kokoa an'i Jesoa Kristy isika … ny Mpamonjy diamankaheryantsika ao anatin'ity tontolo lavo ity, amin'ny alalan'ny fanomezana antsika bebe kokoa fiantrana, fanetrentena, fahalalahan-tanana, hatsaram-panahy, fifehezan-tena, fiadanana, aryfitsaharana."

"Ilay fahavitrihana [ara-panahy] ateraky nyfiainanany fotopampianaran'i Kristy", hoy ny loholona Dale G. Renlund nanazava, dia "tsy hoe manohana fotsiny ihany ny fanovana ny maha isika antsika mba ho amin'ny anjarantsika mandrakizay, fa manosika antsika ihany koa [hanampy ny] hafa amin'ireo fomba mahamety izany". Mampahatsiahy antsika ny Loholona Renlund fa "ny asan'ny Mpamonjy dia manasitrana [manadio antsika tanteraka]. Ny asantsika kosa dia ny mitia—mitia sy manompo amin'ny fomba izay hahatonga ny hafa hanatona an'i Jesoa Kristy".

Hihamatanjaka ny fahafahantsikamiainamifanaraka amin'ny fotopampianaran'i Kristy amin'ny alalan'ny fandalinana isan'andro ny Bokin'i Môrmôna, sy ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Nanambara ny Filoha Nelson fa ny Bokin'i Môrmôna dia "mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy … [sy] mitondra ny fahatakarana feno sy [mazava indrindra] momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, izay tsy hita na aiza na aiza".Tiako io boky io. Ny fandraisantsika anjara ombam-bavaka amin'ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro, dia hampitombo ny fahatakarantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy hitondra fanavaozana ara-panahy, fiadanana, ary ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Tsarovy fa "amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'[ny fisoronana], dia miharihary ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra",ary io hery io, izay avy amin'i Jesoa Kristy dia mampatanjaka ny faniriantsika sy ny fahafahantsika hanompo ny tsirairay avy.

Mampihena ny fahatsapako hakiviana, manamafy ny fahavononako hanompo ny tsirairay avy amin'ny fomban'ny Mpamonjy, ary manampy ahy hanao lohalaharana ny maha mpianatry ny Tompo ahy ny fandalinako ny Bokin'i Môrmôna sy ny fandraisako ny fanasan'ny Tompo.

Ry namako isany, manome toky aho fa rehefamiainany fotopampianaran'i Kristy sy manompo ny tsirairay avy amin'ny fomba izay mitarika mba hiditra ny tranon'ny Tompo isika, dia ho afaka mibosesika handroso amim-pinoana ao amin'i Jesoa Kristy, na dia eo aza ireo fanontaniantsika tsy voavaly, ireo fahatsapan-tena ho

fiants, seuls, découragés et non reconnus. Nous inviterons chaque personne, individuellement, à venir à Jésus-Christ et à servir dans la maison du Seigneur pour recevoir son pouvoir rédempteur et son amour. Dans la maison du Seigneur, nous « ressentir[ons] la miséricorde [du Sauveur]. [Nous] trouver[ons] la réponse à [nos] questions les plus troublantes. [Nous] comprendr[ons] mieux la joie de son Évangile». Au nom de Jésus-Christ. Amen.

tsinontsinona, irery, kivy, ary tsy raharahiana. Hanasa ny tsirairay isika hanatona an'i Jesoa Kristy sy hitsaoka ao amin'ny tranon'ny Tompo mba hisitrahana ilay Heriny manavotra sy ny Fitiavany. Hahatsapa ny famindram-pon'[ny Mpamonjy] isika ao amin'ny tranon'ny Tompo. Hahazo valiny amin'ireo fanontaniana tena manahirana [antsika] [isika]. Ary hahatakatra misimisy kokoa ny fifaliana azo avy amin'ny filazantsarany [isika]".Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.